## Raim-pianakaviana nalemy

# Tratry ny mosavy kokolampy noho ny fialonana 6


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 21 aogositra 2018 Laharana 803 Vidiny : 400 Ar


**Matio 24: 12-14** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao, Madagasikara 16 aogositra 2018


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


### Vahoaka sy ny filoha Ravalomanana 2

# Sabotsy mifankahita hangorom-potsy Mahamasina



### Fanambarana firotsahan-kofidian-dRavalo 2

# Nipoaka be ny tany Tomasina



### TSANGAMBATON'NY JOBILIN'NY FJKM 2

## Ravalomanana mivady no nanome fanampiana be indrindra



### Lasy pastoralin'ny FLM 3

## Nangatsiatsiaka ny fandraisan' ireo pastora an-dRajoelina

### Mpanakanto malaza 6

## Naratra vokatry ny fanafihan-jiolahy

### Dis-TIM Boriboritany faha-5 3

## Nanavao ny birao mpitantana



**Daka kely**

Tsy ho tafa ialahy ry Boaikely na ho any amin'ny «fief»-n'i Dada aza a !

### Zoma Center Analakely 7

## Ahitana karazana entana maro



FANAMBARANA FIROTSAHAN-KOFIDIAN-DRAVALO

## Tonga dia nipoaka be ny tany Tomasina



Ny sabotsy maraina tamin'ny 11 ora sy sasany no tafapetraka tao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC) Ambohidahy, ny dosie firotsahan-kofidian' ny Filoha Marc Ravalomanana. Ny zanany vavy Sarah Ravalomanana, sy ireo mpikambana amin'ny biraon'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) no nametraka izany antontan-taratasy firotsahan-kofidiany izany tetsy Ambohidahy. Ny harivan'io sabotsy io, nihaona tamin'ny vahoakan'i Toamasina teo amoron-dranomasina tany amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana i Dada, tonga dia nipoaka be araka ny fitenin'ny zatovo azy izany fihaonana izany, satria dia nangorom-potsy tanteraka ny moron-dranomasin'ny renivohitra ara-toekaren' i Madagasikara. "Amin' ny fomba ofisialy no hilazako, Marc Ravalomanana, fa voapetraka teny amin'ny HCC ny antontan-taratasy firotsahako ho fidiana ho filoham-pirenena amin'ny fito novambra ho avy izao. Mirotsaka amin'ny anaran'i Tiako i Madagasikara (TIM) aho.

Tonga ny fotoana, hiarahana hanarina izay noravana sy nosimbaina teto amin'ity firenena ity nanomboka tamin'ny taona 2009. Hamerenana sy hampitomboana hasina indray ny tanindrazantsika malala, hanarenana amin'ny laoniny ny fiainan'ny olona izay nikorosy fahana, hitondrana ny fampandrosoana mipaka amin'ny isam-batan'olona, hamoronana asa, hametrahana ny fandriampahalemana.

Tsy hitarain-tanamihepaka isika, hiaraka hijoro, hiara-hiasa hampandroso an'ity Madagasikarantsika ity, ahafahan'ny Malagasy rehetra misitraka izany. Ny firenena izay ho atsangantsika, dia firenena tena vanona. Ka sahia... Ianareo tokiko, ary izaho tokinareo.

Mifampatoky isika ary ankinintsika amin'Andriamanitra ny zavatra rehetra". Nandritra ny 8 taona hoy izy, lalana 9000 km mahery no vitan'ny fitondrana notarihany vita tara, hatramin' ny 2009 ka hatramin' izao anefa, tsy nahavita ny ampahafirin'izany akory ny fitondrana tetezamitan-dRajoelina sy ny fitondrana Rajaonarimampianina hoy hatrany ny filoha nasionalin'ny antoko TIM.

***Isambilo***

Vahoaka sy ny filoha Marc Ravalomanana

## Sabotsy mifankahita, hangorom-potsy Mahamasina

Taorian'ny tany Toamasina nanakatonana ny fankalazàna ny faha-15 taona ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tany an-toerana ny faran'ny herinandro teo dia ho vory lanona ao amin'ny kianjaben'i Mahamasina indray ny sabotsy 25 aogositra ho avy izao manomboka amin'ny 10 ora maraina ny vahoaka tsy ankanavaka mpomba an'i Dada. Fihaonambe hanamafisan'ny filoha Marc Ravalomanana ny mahakandida filohampirenena azy ny fotoana amin'io, ao anatin'ny famaranana ihany koa ny fankalazana ny faha-15 taonan'ny antoko TIM eto an-drenivohitra. Ela no niandrasana izao fotoana izao ny rehetra, tsy misy intsony ny sakana satria efa azo ny fahazoandalana avy any amin'ny prefektora sy ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA). Koa ho avy hirodorodo ho eny amin'ny kianjaben'i Mahamasina avokoa ny vahoaka tsy ankanavaka amin'io fotoana io, hangorom-potsy tanteraka i Mahamasina amin'io fotoana io, koa dia sabotsy mifankahita e !

***Helisoa***

Tsangambaton'ny jobilin'ny FJKM

## Ravalomanana mivady no nanome fanampiana be indrindra



Tontosa soa aman-tsara ny faran'ny herinandro teo, ny fankalazana ny ivon'ny jobily roa soson' ny FJKM, na ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara dia ny ivon'ny fankalazana ny faha-50 taonan'ny FJKM ary ny jobily faha-200 taona nidiran'ny misionera LMS (London Missionary Society), sy ny filazan-tsara teto Madagasikara. Ny 17 aogositra 1968 no nijoro ny FJKM ary ny 18 aogositra 1818 no niditra voalohany tany Toamasina, izay vavahadin'ny filazan-tsara ireo misioneran'ny LMS, nandika ny baiboly voalohany tamin' ny fiteny Malagasy. Tsangambato lehiben' izao ivon'ny fankalazana ny jobily roa sosona izao dia ny fanavaozana ny trano sekoly ao amin'ny Lycée Privée David Jones ao Anjoma, trano lehibe misy rihana iray, izay naorin'ny misionera LMS : David Jones sy Thomas Bevan tamin' izany fotoana izao, nefa efa tena simba ka nohavaozina izao. Miteti-bidy 450 tapitrisa Ariary latsaka ny tsangambato amin'izao jobily roa soson'ny FJKM izao dia io any Toamasina io, sy ny trano sekoly iray lehibe misy rihana 3 eny Ivato, ny ankamaroan'ny vola nanaovana izany dia avy amin'ny Filoha Marc Ravalomanana mivady avokoa araka ny nambara nandritra ny fanompoam-pivavahana tany Toamasina ny sabotsy teo. Samy nitondra ny anjara birikiny koa ireo mpino FJKM rehetra avy amin'ny synodam-paritany 37 eto Madagasikara sy ny synodamparitany iray any ivelany. Ny tsangambato faha-2 eny Ivato dia ho tokanana ny 21 oktobra ho avy izao mandritra ny famaranana ny jobily faha-50 taonan'ny FJKM sy ny faha-200 taona nidiran'ny filazan-tsara teto amintsika.

***Isambilo***

Ambatondrazaka

## Tsy misy henatra intsony ny mpamadika palitao

Tsy tahotra tsy henatra intsony, fa avy hatrany dia mahasahy manao fanambarana ampahibemaso mihitsy ny mpanao politika sasany amin'ny fiovana antoko politika amin'izao fotoana izao. Zary lasa fahazarana io tranga io indrindra fa tato ho ato izay. Ny seza sy ny vola no tena fantatra fa antok'izany fanovana palitao izany. Misy mihitsy aza no mahasahy midelira fa mahatarika olona na fikambanana maromaro hanohana ny olona izay arahiny. Raha ny zava-misy aloha dia tsapa fa zary lasa nahatonga ny ady an-trano teny anivon'ireo antoko politika sy ny vondrona politika ny fisian'ireo mpamadika palitao isak' izay mihetsika ireny indrindra fa taty Ambatondrazaka. Rehefa miova mpitondra dia miova antoko ihany koa izy ireny. Ny tena mahagaga dia ny mbola hisian'ireo olona sasany izay manaiky ho rebireben'ireny olona tsy misy hazon-damosina ireny sady fositra mpanapotika toe-tsaina.

***Raoul***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Irariana andeha antsakany sy andavany ny fikarakaràna ny fifidianana

Ho tapitra anio 21 aogositra ny daty farany hanateran'ireo hirotsaka ho kandida filohampirenena ny antontan-taratasy rehetra takian'ny lalàna amin'ireto farany, eny amin'ny HCC. Tena ho raikitra tokoa ve izy ity hoy ny fanontaniana mipetraka satria mbola maro no miahiahy amin'ny fikarakaràna io fifidianana io amin'izao fotoana izao. Tena hangarahara sy handraisan'ny rehetra anjara ve ity fifidianana ho avy ity, ka tsy hampisy korontana eto amin'ny firenena ? Ny irarian'ny maro dia handeha antsakany sy andavany ny fikarakaràna rehetra satria kihondalana lehibe ho an'i Madagasikara io fifidianana ny 7 novambra ho avy izao io, taorian'ny fanonganam-panjakàna notarihan'i Andry Rajoelina, nahapotika ny firenena. Filoha mahavaha olana eto amin'ny firenena izao no ilaina satria efa tena latsaka an-katerena ny firenena nandritra ny 9 taona izao. Dia ho hita eo ny ho tohiny satria efa mangetaheta ny tena fiovàna marina eto amin'ny firenena ankehitriny ny vahoaka Malagasy. Entanina sahady ny rehetra hanefa ny adidiny amin'izany fifidianana ho avy izany, mba tsy hanenenana avy eo hoe : tahak'izay...

***Helisoa***

Fikambanana tany miaro ny tany Malagasy

## Misy olana ra-tany any Amparihibe Maroantsetra

Ny Fikambanana TANY miaro ny tany Malagasy dia miantso ny rehetra hanara-maso ny zava-miseho ao Amparihibe kaominina Andranofotsy distrika Maroantsetra. Manana olana mikasika ny taniny ny fokonolona ao Amparihibe Kaominina ambanivohitra Andranofotsy Distrika Maroantsetra, Faritra Analanjirofo. Kasain'ny Ben'ny Tanàna sy ny manam-pahefana sasany any an-toerana ho esorina amin'ny fokonolona ny taniny izay misy tanimbary, voly lavanilina sy jirofo ary kafe, kijanan'omby ary fasana. 138 hekitara ny velaran-tany voakasika. Tsy dia mazava loatra ny antony manosika sy tena zava-kendren'ny manam-pahefana fa mbola mitaky fanadihadiana lalina izay vao miantomboka. Toa misy olona avy amin'ny fokontany hafa manodidina tiana hafindra ao amin'io velaran-tany io no antony hanalàna ny mponina sy tompon'ny tany ao amin'izao fotoana izao. Tsy fantatra inona no mahatonga ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et Catastrophes) ho tafiditra amin'ilay resaka. Misy vaovao sady dingana vita kosa anefa, izay tiana ho zaraina amin'ny namana sy mpiray tanindrazana. Namoaka fanapaha-kevitra teo aloha ny Ben'ny tanàna fa tsy mahazo mandia anatin'ny faritra voalaza sy tsy mahazo mampiasa ireo tany ireo ny fokonolona sy ny tompon'ny tany. Nametraka fitoriana momba izany ny fokonolona ka nandresy rehefa nivoaka ny didim-pitsaràna tamin'ny talata faha-14 aogositra teo. Saingy mbola sarotra sady mitohy ny olana. Mbola misy fitorian'ny fokonolona mizotra ary tsy mbola nivaly any amin'ny fitsaràna momba ny efa nakàn'ny hafa hazo maniry eo amin'ilay velaran-tany sahady. Mifamahofaho ny raharaha any anivon'ny sampan-draharahan'ny fananan-tany. Kely hery, ary tena any ambanivolo mitokana lavitry ny lalambe sy ny haino aman-jery ireo olona miady mafy miaro ny taniny. Mandrahona sy mampatahotra ireo izay miezaka hampahafantatra amin'ny rehetra ny fandehan-javatra ny manam-pahefana sasany ao an-toerana. Koa manao antso avo amintsika rehetra ny Fikambanana TANY miaro ny tany Malagasy hanara-maso ny zava-miseho ao Amparihibe ary hanakana izay fikasàna tsy ara-dalàna sy tsy rariny.

***Ny Valosoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Kandidà ho filoha : kabary zato, teny arivo fa iray ihany no marina

Fe-potoana farany hanaterana eny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny antontan-taratasy firotsahana ho kandidà filoham-pirenena anio. Raha ny fahitàna azy dia mihoatra ny roapolo ireo hifaninana. Tsy afaka maminavina ihany koa na hisy ny ho voahilika satria mbola handinika ireo antontan-taratasy isaky ny kandidà ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC). Azo lazaina fa avy amin'ny lafivalon'ny Nosy ireo kandidà ka ho hita eo raha samy ho masina an-taniny ka izay avy any Avaratra dia any no hahazo vato betsaka na avy any Atsimo dia ho be mpifidy any. Mbola tsy nisy namory vahoaka nitety faritra loatra aloha hatreto, na dia efa samy nametraka ny dosie ny ankamaroany, ankoatra ny filoha am-perinasa, Rajaonarimampianina Hery, sy ny filohan'ny tetezamita, Rajoelina Andry Nirina, ary ny Filohan'ny Repoblika III-3, Ravalomanana Marc. Ny voalohany dia niantso ny mponina any amin'ny toerana nalehany, na nitokana ny fotodrafitrasa vitan'ny Repoblika IV, na nametraka vato fehizoro teo amin'izay toerana hanorenana trano na hanamboaran-dàlana miainga amin'ilay "Fisandratana 2030": "tsy vita iray andro ny fampandrosoana" hoy ny ambetin-teniny etsy sy eroa. Marina izany saingy raha ny zavatra niainan'ny vahoaka Malagasy tato anatin'ny dimy taona latsaka kely kosa dia niha-nahantra sy niha-fadiranovana izy. Ankalazaina etsy sy eroa anefa fa mitombo 4% mahery ny harinkarena faobe. Ny tena dikan'ireny fametrahana vato fehizoro ireny anefa dia fanambazana fa raha hifidy azy ny vahoaka dia ho vita ny làlana fa raha tsy izany kosa dia hilaza izy any aoriana fa afaka adidy amin'ny fatana satria nitondra kitay tsy nirehitra. Efa hita ihany koa ny fampanantenana poakaty nataony tamin'ny fotoana nanaovany fianihanana ny 25 Janoary 2014 izay tsy nisy tanteraka na nitadiavana vahaolana tandrametaka toy ny nametrahana motera mamokatra herinaratra maro be (goupes électrogènes) teny Soavimasoandro kanefa nanakorontana ny fiainana'ny mponina andro aman'alina izany ka voatery nesorina. Ny an'ny faharoa indray dia mamory vahoaka ary tsy misaraka ny "revolisiona lokon-doranjy" (Révolution Orange) sy ny "Finiavana Hanandratra an'i Madagasikara"(IEM). Iaraha-mahatsiaro anefa fa fandravàna sy fandorana ary fandrobàna no tarigetran'ny revolisona lokon-doaranjy izay noporofoin'ny Alatsinainy mainty (26 Janoary 2009) sy ny Asabotsy mena (7 Febroary 2009) izany. Tsy teny amin'ny tranombarotra ihany no nisy fandrobana fa hatrany amin'ireo orinasa vahiny izay noterena nandoa vola aman-jatony tapitrisa dolara. Fomban'ny foza orana ny mandrava sy mamotika ny zavaboahary manodidina azy ary izy kosa mitombo sy miha-matanjaka. Tsy mahagaga raha maro tamin'ny mpiaradia tamin'ny mpitarika ny revolisiona lokon-doaranjy no nanan-karena tampoka ary mitombo harena hatramin'izao. Hanamboatra ny làlana ao an-tampontanànan'Antsirabe indray izy kanefa maro tamin'ireo mpiaradia taminy no nilaza fa "ny làlana tsy azo hohanina". Ny an'ny fahatelo, Ravalomanana Marc, indray ny efa natomboka sy nahitam-pahombiazana no ho tohizana sy hatsaraina dia ny Madagasikara Am-Perin'asa (MAP). Tsy mba nisy fanomezan-toky ambony latabatra na an-kabary ny azy fa naparitaka ho fantatry ny rehetra ny boky mirakitra ny programan'asa dia samy nifantoka tamin'izay manandrify azy ny rafitra isan'ambaratonga. Nanampy io programa io koa ny boky "Madagasikara ara-boajanahary" (Madagascar Naturellement) sy ny "Rapid Result Initiative" (RRI) ka niroso haingana ny asa fanatanterahana. Tsy tokony hadinoina koa anefa fa tsy maintsy misy amin'ny saonjo iray lohasaha foana ny mamarara ka tsy mahagaga raha tapaka an-tenantenany ny ezaka ka izao no iafaran'ny fiaina'ny vahoaka Malagasy. Raha ny fahitàna ny fihazakazahan'ny olona hihaona amin-dRavalomanana Marc anefa dia mety mora manadino vetivety ny soa natao taminy ny olombelona kanefa tsy maty ao am-pony mandrakizay kosa ny ratsy natao taminy ka izay no mahatonga ilay fitenenana hoe : "ny soa atao levenam-bola, fa ny ratsy atao loza mihantona".

***Andry Tsiavalona***

---

Dis-TIM Boriboritany faha-5

## Nanavao ny birao mpitantana

Fanamafisan'orina ny DISTIM, fanomezana vaovao an'ireo mpikambana sy fanavaozana ny birao vaovao ary tatitra samihafa. Ireo no nanamarika ny lanonana notanterahin'ny mpikambana Tiako i Madagasika (TIM), tao amin'ny boriboritany Faha 5 ny alahady lasa teo. Nisy ny fananganana ifotony ny rafitra ny TIM na birao eo amin'ny boriboritany, izay ezaka ao anatin'ny DISTIM ahitana fokontany 27 isa. Nofidina tamin'izany ny Filohan'ny DISTIM, ny Lefitra, ny Sekretera Jeneraly, ny mpitantambola sy ny mpitambola ary ireo mpanolontsaina. Lany Filoha vaovao tamin' izany Andriamatoa Ranaivoharivony Odon Théophile raha Ramalanjaona Jacques no Filoha teo taloha. Ny tanjona dia ny mba hampiroborobo ny DISTIM ary indrindra indrindra ny hanao izay hampandany ny Filoha Marc Ravalomanana. Eo koa ny fanomanana ny fifidianana sy fanaraha-maso izany eo anivon'ny fokontany tsirairairy avy. Mbola mitohy tsy mijanona ny hetsika izay atao indray mandeha isan-kerinandro mba hanamafy izany tanteraka. Nanambara ihany koa ny Filoha vaovao fa ny antony izao fihaonana izao dia tafapetraka ny filatsahan-kofidiana an'ny Filoha Marc Ravalomanana noho izany dia misy ny asa miandry ny TIM. Hamondrona ny hery sy hampandresy ny filatsahan' ny Filoha ary marihana fa tsy misy fanavahana olona izay miombon-kevitra amin'ny fampandresena ny Filoha Marc Ravalomanana fa misokatra ny varavarana.

***Isambilo***



*Mpikatroka Dis-TIM Boriboritany faha-5 sy ny birao vaovao.*

---

## TONONKALO

### Indreny eny ny malaso (I.E.M.)

Indreny Eny ny Malaso, izay no hevitra fonosiny.
Ny sinoa sy ny karana no efa hita ao an-damosiny.
Volabe no arangarangany ividianany olo-maro,
Koa mihevera, mitandrema, ny taranakao hafaro.

Indreny Eny ny Malaso, sanatria tsy sangisangy,
Saingy tsy hitondra intsony pilotra sy langilangy.
Fa mikendry seza mihaja, ary eo no hisonanina,
Dia hangalatra amim-pomba vaovao sy matihanina.

Indreny Eny ny Malaso ka andeha re hotoherina.
Ny mpanongam-panjakana no sakano tsy hiverina.
Aza atao ambanin-javatra ny miatri-pifidianana,
Eo ny ngidim-pijaliana no tsy maintsy hofaranana.

Indreny Eny ny Malaso, irony tahotrao ario,
Satria antsika ry vahoaka na ny ampitso na ny anio.
Eo am-pelatanantsika ny hoavy mahasambatra,
Koa tohero ny malaso, ny herintsika `ndeha hatambatra.

***DADAN'i ZINA (15-08-18)***

---

## NY TENY FIAINANA

***Ohabolana 3:29***

*Aza mamorona sain-dratsy ho entimamely ny namanao, saingy mitoetra matoky eo aminao izy.*

---

LASY PASTORALIN'NY FLM

## Nangatsiatsiaka ny fandraisan' ireo pastora an'i Andry Rajoelina

Nahatsikaiky fa dia sesilany ireo kandida ho filoham-pirenena no nitsidika an'Antsirabe ny herinandro lasa teo, nandritra ilay lasy nasionalin'ny Pastora loterana tao Antsirabe. Raha tsiahivina dia ambohim-pihaonan'ireo Pastora eo anivon'ny Finagonana Loterana Malagasy ny renivohitr'i Vakinankaratra satria Pastora manodidina ny 1.500 sy vehivavy téolojianina miisa 300 nanerana an'i Madagasikara no nanao ilay Lasy Pastoraly, fanaon'izy ireo isaky ny 4 taona. Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy izany ny marainan'ny talata 14 aogositra lasa teo, tao amin'ny fianagonana Antampotanana ka ny Filohan'ny fiangonana loterana, ny Dr David Rakotonirina, no nitarika ny fotoana. Tonga nitafa tamin'ireo mpitondra fiangonana ireo ary nitonona sy fantatra fa kandidà azo lazaina ho goavana satria dia nasain'ireo tompon'andraikitra hiatrika izany ny sasany amin'izy ireo ka isan'ny efa tonga tao an-toerana ny Praiministra teo aloha, Mahafaly Solonandrasana Olivier, sy ny Filoha Ravalomanana Marc ary ny filohan'ny H.A.T teo aloha, Andry Rajoelina, Max Fabien, Arlette Ramarosaona, sy ireo maro hafa koa. Tao no nanolotra vola ho an'ireo mpizaika ka isan'izany indray Solonandrasana Olivier sy Andry Rajoelina, tao kosa no nitafa sy nampahafantatra ny momba azy fotsiny tamin'ireo mpizaika. Fa ny isan'ny nahatsikaiky dia na dia isan'ireo olona nasaina aza ny filohan'ny tetezamita dia nihanahana sy nangaihay ny tenany raha vao tonga satria tsy mba nisy nandray Tanana azy ireo Pastora loterana afa tsy ny nitarika azy ihany. Rehefa lasa ny tenany dia noesoin'ireo Pastora fotsiny hoe: "Ianao nandrava indray ve no hilaza fa hanarina ny firenena". Asa aloha izay any an-dohan'ny Pastora tao ireo fa tsikaritra ho nangatsiatsiaka ny fandraisan'izy ireo azy na dia nitehaka ihany aza ny sasany. Raha tsiahivina dia re fa isan'ny tsy zakan'ireo Pastora ny nakan'ny Tetezamita ireo fiara tsy mataho-dalana nomen'ny filoha Ravalomanana azy ireo fahiny, ho fampandehanana ny asa fitoriana tamin'izany.

***Lezama***

---

Ben'ny tanànan'Antsirabe

## Isintahan'ireo olona akaiky azy

Asa na efa ho rendrika ny sambon'ny Ben'ny tanànan'Antsirabe fa dia manomboka mitsoaka azy ireo olona akaiky azy hatramin'izay. Tsy fantatra mazava aloha ny antony fa mitohy ny fialan'ireo olona akaiky azy ireo ary raha ny tsilian-tsofina dia efa misy ihany koa ny hafa no efa miomana amin'ny fialana ihany koa. Raha ny alatsinainy lasa teo dia fantatra fa nametra-pialana ny Talen'ny Kabinetrany, izay efa Talen'ny fampielezan-keviny tamin'ny fifidianana in-droa nisesy dia ny fifidianana ho solombavambahoaka sy ny fifidianana ho Ben'ny Tanàna ka nahalany azy. Na tsy nilaza nivantana ny antony nialany tao amin'ny kaominina aza Andriamatoa Rasitefanoelina Bruno, Talen'ny kabinetran'Andriamatoa Razanakolona Paul dia nambarany ihany fa maro ary be loatra ny trangan-javatra tsy ara-dalàna ataon'ity Ben'ny tanànan'Antsirabe ity, tsy araka ny lalàna ka efa nampifanolana azy ireo matetika izany. Raha ny fahitana azy ihany koa dia isan'ny tsy nety tamin'ireo mpiara-miasa akaiky amin'ny ben'ny Tanàna iny nandraisana an'ingahy Rajoelina tao Antsirabe iny, izay fivadihana palitao ankitsirano izao ka nanampy trotraka ny adin'izy ireo izany. Ny talata nialohan'ny nandraisana an-dRajoelina dia efa nanomboka ny disadisa raha vao namory ny sefo fokotany ny ben'ny Tanàna ka nanery azy ireo hitondra olona 100 isam-pokontany, ary dia nisy mihitsy ny fifamaliana teo aminy sy ireo mpiara-miasa taminy ka nilazan'ny ben'ny Tanàna tamin'izany fa na ho tapahina aza ny lohany dia tsy maintsy handray an-dRajoelina izy, ary dia nataony tokoa izany. Raha ny loharanom-baovao marim-pototra ihany, dia fantatra fa efa nisy ny tsy fifankahazoana teo amin'izy mirahalahy ireo, saingy mbola vita ihany ny nanarontsarona izany tao anatiny tao, saingy io izy efa vaky ampahibemaso amin'izao fotoana izao io.

***Lezama***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny famaranana ny faha-15 taonan'ny antoko TIM tany Toamasina.













Ireo Inspekteran'ny Indostria nanao fianianana tetsy Anosy.





## Matio 24: 12-14

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, madagasikara 16 aogositra 2018

***Matio 24: 12-14: " Ary nohon'ny haben'ny tsy fankatoavan-dalàna dia hihamangatsiaka ny fitiavan'ny maro. Fa izay maharitra hatramin'ny farany no hovonjena. Ary hotorina amin'izao tontolo izao ity Filazantsaran'ny Fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra dia vao ho tonga ny farany"***

Ry olombelona izay nohariako o! maro ny zavatra tsy fantatrareo ny amin'ny fiainana. Satria nahoana? Nosoloinareo ny lalànanareo ny LALÀKO ka dia nihamangatsiaka ny fitiavanareo AHY JEHOVAH nahary anareo, miova, hadinonareo hoe: iza ianareo? Avy aiza? Zanak'iza? Noforonin'iza? Miaina amin'inona? Tokony manana inona? Tokony mahafantatra inona? Ary miafara ahoana? Dia mankaiza rehefa mifarana izao tontolo izao, fa ny tany misy anareo io anie ka ho levona sy tsy hisy intsony, dia ahoana ny aminareo? Izao no tiako hamabra aminareo olombelona tsy an-kanavaka ambany masoandro. Hotoriana aminareo aloha ny maha-zava-dehibe Ilay FANJAKAKO satria ao no tokony hiafaranareo izay monina amin'ny tany rehetra indrindra fa ny fananana an'I JESOSY ao anaty, fa IZY mbola hiverina haka izay rehetra voavonjy. Ny atao hoe voavonjy dia ireo rehetra mino fa JESOSY no MPANJAKA sy MPAMONJIN'ny fiainany, mino ny HERINY sy ny FAHEFANA nomeko AZY, mino koa fa IZY dia mbola ho avy, ary ireo voavonjy ireo no hiakatra rehefa miseho eny amin'ny rahon'ny lanitra IZY. Alohan'izany dia mbola ho avy IZY hampihavana ny olona rehetra sady hahatonga ny FIANGONANA ho TOKANA (tsy hahafaly ny maro izao FANAMBARANA izao). Fa hoy AHO JEHOVAH aminareo manao hoe: TENY FIKASANA izany. Manamontanona ny momba izany Teny Fikasana izany. Atomboko JEHOVAH amin'ilay FIFOHAZAM-PANAHY LEHIBE ny zava-drehetra. Io ASA LEHIBE io dia izao:

Famerenana amin'ny laoniny izay rava sy potika

Fampihavanana ny olona rehetra, tanàna, mpianakavy, mpihavana, iray tam-po, mpiray tanindrazana, firenena, indrindra fa ny FIANGONANA sy ny olom-pitondrana mifampifahavalo

Famerenana ny olona rehetra hahafantatra AHY JEHOVAH

Fotoam-pibebahana fa handray an'I JESOSY ao anaty mba ho vavolombelona, izay vao ho tonga ny farany

Fiomanana fa raha tonga ny zava-drehetra voasoratra dia tsy matahotra satria mahatoky, mino, manaiky fa IZAHO no JEHOVAH, Isaia 45: 5-7

Tsy hampoizinareo zanak'olombelona ny fitsimbadihan'ny zava-drehetra fa tsy maintsy miverina AMIKO MPAMORONA ny ZAVA-DREHETRA. Ka izao ry mponin'ny tany: na iza ianareo milaza fa manam-pahaizana, manambola, manan-karena, manana hery sy fahefana, manam-pahalalana, manampitiavana, manan-daza, tian'olona, andrasan'ny olona, eken'ny olona, mahay mamoron-javatra, mahafantatra zavatra miafina, manam-boninahitra dia IZAHO JEHOVAH no miteny aminareo anio fa indray mipi-maso no hahafoana izany rehetra izany raha tsy avy AMIKO JEHOVAH. Tandremo fa izay rehetra ifikiranareo kanefa diso dia ireny no hivadika aminareo amin'ny fotoanany ka dia hiteraka loza, loza tsy hay tohaina. Mbola tsy tonga saina ihany ve ianareo e! Indro fa manomboka ny FIANDOHAN'NY FAHORIANA voalazan'ny Baiboly. Kanefa ny fitoriana ny Fanjakao mbola tsy tanteraka. Ianareo koa efa mivonona ho amin'izay heverinareo. Izao no Teniko: ianareo manomana handray ny tany ho anareo amantaona maro fa IZAHO JEHOVAH miteny fotsiny hoe MISIA dia MISY, AOKA HO FOANA dia FOANA. Mba fantatrao? Indray mipi-maso izany dia haiko,ary tsy misy mahasakana AHY tsy hanao izany. Mbola tsy hainao ihany ve ny AMIKO e? Isaia 43: 19. Ny antony namoronako anareo olombelona dia izao, isaia 43: 21 : Izao olombelona noforoniko ho AHY izao no hanambara ny fiderana AHY. Midera AHY JEHOVAH ve ianareo? Mitady AHY ve? Izao fanoherana ataonareo izao no mahatezitra ny tany ka dia jereo izao manjo anareo izao. Indro miandoha ny FAHORIANA ary tsy misy azonareo ialàna. Rano, tany, rivotra, afo, averiko foana ny fahatezeran'ireo ry mponin'ny tany. Rano hanafotra tanàna, zara raha ho hita ny tafo, tsy mihena ny rano fa tsy mety mandray ny tany. Ny tany mitresaka, mivava, maina, mihorohoro ny fanambanin'ny tany, indro hiteraka fiakaran'ny ranomasina ka hiditra an-tanàna. Maro ny tanàna tsy ho hita popoka. Hifandimby ny hatsiaka sy hafanana avy ao anaty tany. Hiverina hirehitra fanintelo ny volkano izay efa nirehitra teo aloha. Ho maro ny tany hihotsaka hanototra tanàna. Ho maro ny olona hiala ny fireneny kanefa dia ho lavin'ny firenena koa. Ireo karazana vy alefan'ny zanak'olombelona ety ambony dia hisy hifandona, hisy koa ny hihintsana avy ety ambony ety (zava-doza koa izany). Hirongatra hiditra an-tanàna ny bibidia avy any an'ala ka hihorohoro ny mponina. Mosary? Ho maro ny firenena ho tratran'izany ka hisy firenena hanao fahirano ny hafa. Ny sambo? Hifandona eny an-dranomasina eny. Hisy doboka in-telo avy aty ambony, tsy fantatra ny fihaviany fa samy handre ny vazantany efatra. Hiteraka horohoro ho an'ny mponin'ny tany izany satria dia tany mihitsy no hihetsika sy hikisaka. Izany rehetra izany no antom-pisian'ilay Bolantany hamboatra ny tany sy izay eo aminy, araka ny fanazavako JEHOVAH taminareo, fa raha tsy izany dia loza tsy misy farany. Farany FAHAVEREZAN-KEVITRA LEHIBE no hisy maneran-tany, Lioka 21, 25, 26, 27.

Amen!

HALELOIA! JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:
Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

## FAMPIANARANA AMBONY

# Hatsangana any Antsirabe ny Oniversite fianarana teny sinoa



Isan'ny teny be mpampiasa indrindra maneran-tany ny teny sinoa ankehitriny. Fantatra ary fa miisa 1.400.000.000 no mahay ny fiteny Sinoa manerana an'izao tontolo izao. Tombony lehibe ho an'Antsirabe renivohitr'i Vakinankaratra no hametrahana ny sampana Oniversiten' Antananarivo mianatra ny teny sinoa eo amin'ny sehatra rejionaly, raha toa ka efa misy ny any Fianarantsoa, Toliara, ary Mahajanga. Tonga nanokatra izao lanonana izao ny tompon'andraikitra avy ao amin'ny Faritra sy ny prefektiora, ary nahitana ny solontena avy ao amin'ny Ministeran'ny fanabeazam-pirenena dia ny filoha lefitry ny Oniversiten'Antananarivo indrindra ny avy ao amin'ny kaominina sy ny Cisco Antsirabe voalohany. Teo amin'ny lahatenin-dRamatoa Préfet an'Antsirabe no nanamafisany fa tafajoro eto Antsirabe ny fianarana ny teny Sinoa ka tombontsoa mifandanja ny fisiany teny eto Madagasikara izay mianatra ny teny sy ny kolontsaina ary fomba ny Firenena avy any ivelany. Tombony ho an'ny fampandrosoana ny Faritra Vakinankaratra ary Madagasikara iray manantolo ny fisokafana amin'ny firenen- kafa toy izao . Eo amin'ny maha Firenena lehibe an'I Chine, izay faha 02 ara-toekarena sy ara-teknolojia dia efa miha-tsara hatrany ny fiara-miasa amin'ny Firenena Malagasy, izany indrindra no nametrahana ny fampianarana ny teny sinoa eto Antsirabe, tanàn-dehibe faharoa manoloana an'Antananarivo. Nohamafisin'i Victor Tsan, tale miandraikitra ny Hotel Diamant fa tamin'ity taona 2018 ity no tafapetraka eto Vakinankaratra ny fampianarana ny teny sinoa, ka tsy mifidy saranga na taona izany, fa efatra taona monja dia afaka mianatra ny teny sinoa, izay hatao indrindra mba ho takatry ny fahefa-mividin'ny malagasy rehetra. Manana efitrano miisa telo lehibe ny Hotel Diamant, afaka handraisana mpianatra. Miroborobo hatrany ireo olona avy any amin'ny firenena Sinoa no tonga aty amin'ny ranomasimbe indianina mba hifampizara taikefa sy mametraka foto-drafitrasa lehibe mba hisian'ny tombontsoa iraisana.

***Lezama***

## Fort-Dauphin

# Faritra ZES, samy namaritra ho azy ny fokonolona

Taorian ny fandalovan'i Ntsay Christian, Praiministra lehiben'ny governemanta tany Faradofay, samy namaritra tany ho azy ny fokonolona, amin'ny faritrara hanatanterahana ny ZES Ehoala. Nilaza ny fokonolona fa hafetsen'ny fanjakana no ivoizany ny ZES any Fort Dauphin ity satria haka ny tany ary hivarotra izany amin'ny mpanambola sy ireo teratany vahiny. Zava-misy, samy naka namaritra izay tiany ireo fokonolona. Teo ny namefy ny tany, ao ny manorina trano kely mba hitazomana ny toerana. Nahita ny hetsiky ny fokonolona ny tomponandraikitra any an-toerana. Niantso ny mpitandro filaminana avy amin'ny EMMOREG nanaisotra ireo. Ny alakamisy teo no nisehoan 'izany. Resaka tany indray izao no vaovao malaza misarika ny sain'ny mponina. Marihina fa hafetsen' ny fanjakana araka ny fiheveran'ny fokonolona ny fivoizana ity ZES ity. Famarotana tany. Ankoatra ireo efa namaritra tany ihany koa ireo mpandraharaha goaik'antitra any an-toerana. Raikitra indray ny savorovoro vaovao momban'ny tany ao an-drenivohitra Anôsy ao.

***Mangaraharaha***

## Fanabeazana politika

# Voambolana politika Frantsay- Malagasy

**Vote de confiance** : fitsipaham-pitokisana.

**Voyoucratie** : teny vao ilazana ny fitondrana na fanjakana entin'ny mpitondra manao fihetsika na fomba jiolahimboto.

**Zanakompanalina** : caste royal comprenant les descendants des derniers rois d'Ambositra les Mpanalina. Le dernier Mpanalina était contemporain de Radama I.

**Zoam : Zatovo ory asa malagasy, nivdika ho TTS na Tary Tonga Saina avy eo.**

**Zone franc** : faribola franc.

2. Parti ou coalition de partis détenant la majorité des sièges du Parlement et servant d'appui à l'action du président de la République. On parle alors de majorité présidentielle.

1. *loi(s) fondamentale(s)* : de nos jours, expression désignant la Constitution ou l'ensemble des textes formant la Constitution d'un pays (ex : Allemagne, Espagne). Sous l'Ancien Régime, ensemble des lois généralement coutumières qui tenaient lieu de Constitution (règles de transmission de la Couronne, inaliénabilté du domaine royal...)
2. *loi organique* : loi qui a pour objet l'application des dispositions constitutionnelles sur les pouvoirs publics et adoptée suite à une procédure particulière ;
3. *loi d'habilitation (ou de délégation)* : loi qui autorise le gouvernement à prendre des mesures relevant normalement du domaine de la loi.
4. *projet de loi* : texte adopté en Conseil des ministres et proposé à l'examen/ vote du Parlement par le gouvernement ;
5. *proposition de loi* : texte d'origine parlementaire proposé à l'examen/ vote du Parlement.

***Fetra Ramamonjy***

TETIKASA PAGOSE–DEMOS

# Hahazo herinaratra hatrany amin'ireo faritra saro-dalana

Toerana sy tanàna maro aty Vakinankaratra sy ny manodidina azy no hisitraka ny fahazoana herinaratra amin'ny alalan'ny tetikasa goavana Pagose "Projet d'Amélioration de la gouvernance et des operations dans le secteur de l'Electricité", sy ny projet Demos « Développement à Moindre coût du secteur Electricité », ny banky iraisam-pirenena no mpamatsy vola. Ho fiomanana amin' ny fidirana amin'izany tetikasa goavana izany dia nisy ny fivoriana ho fanomanana sahady ny fandraisan'ireo vahoaka ny mpanao fanadihadihana sy mpanatanteraka izany asa izany teo amin'ny biraon'ny Faritra. Eto Antsirabe dia ny Ceexi " Cabinet d'Etude Environnemental d'Expertise Industrielle" no hanatanteraka ny asa. Nitarika ny Fivoriana teto ramatoa Préfet eto Antsirabe, ny tale mianadahy avy ao amin'ny Faritra : ny Talen'ny Kabinetra sy ny tale miadidy ny lafitany, ny tale mpitantana ny Jirama ary ny avy ao amin' ny Ceexi. Nandritra ny fivoriana no nampahafantarina fa matoa misy izao tetikasa izao dia maro ny tanjona ho tratrarina ka anisan'izany ny fampiakarana ny tahan'ny tokantrano mahazo ny jiro; ny faharoa kosa dia ny fampitomboana ny angôvo azo havaozina ; ary ny farany ny fanarahamaso sy ny fandraisana mba hanamorana ny fidiran'ny tetikasa. Amin'izao fotoana izao dia efa misy ireo toerana fantatra fa hisitraka ity tetikasa ity, isan'ireny ny Kaominina Ambohidranandriana, ny fokontany Ampahatrimaha, Kaominina Soavina-Betafo, Manampisoa. Hisy ihany koa ny fizarana «kits solaires » ho an'ireo olona lavitra tsy tratran' ny famatsian'ny Jirama hoy hatrany ny fazavan' Andriamatoa Tale Regionalin'ny Jirama eto Vakinanakaratra toy ny : "Batterie, panneau solaire ary ampoule économique" ary tsy honohono intsony izao fa efa ao ny vola hamatsiana herinaratra ny tontolo ambanivohitra izao. Arak'izany, samy tokony hivonona ny rehetra amin'ny mety fanelingelenana hiseho amin'ny fametrahana izao tetikasa ho fampandrosoana eny ifotony izao.

***Lezama***

Ambohimanjaka Ambatondrazaka

# Vita soa amantsara ny fiangonana Fjkm Salema Vaovao

Nanao ezaka goavana tokoa ny zanaky ny fiangonana sy ny zanaka ampielezana avy ao Ambohimanjaka kaominina Ambohidava avaratra, distrikan'Ambatondraza, tamin'ny fananganana fiangonana F.J.K.M vaovao. Mitetibidy hatrany amin'ny 60 tapitrisa ariary ity trano fiangonana ity, izay mirefy 16 metatra ny andavany ary 08 metatra kosa ny sakany. Ankoatra ny zanaky ny fiangonana sy ny zanaka ampielezana dia teo ihany koa ny fanampiana avy amin'ireo tsara sitra-po sy malalatanàna ka nahatafatsangana soa amantsara ity fiangonana ity izay ny zoma faha-10 aogositra 2018 lasa teo no natao ny fitokanana izany tamin'ny fomba ofisialy. Nafana tokoa ny lanonam-pitokanana, izay nomarihina tamin'ny fotoam-bavaka lehibe tao Ambohimanjaka. Tonga nanotrona sy nanome voninahitra izany ireo ireo Ray aman-dreny am-panahy avy ao anatin'ny fiangonana F.J.K.M, notarihin'ny Pasitora Filoha Sinodaly sy ireo delegasionina marobe notarihiny. Isan'ny nomarihan'ity Ray aman-dreny am-panahy ity fa ny fahatafatsanganana ny fiangonana dia dingana fotsiny ihany fa ny fitarihina ny ondrin'Andriamanitra hitodika any aminy no tena asa goavana. Tsy vita hatreo araka izany hoy izy ny asa miandry ny rehetra fa mbola mitohy amin'ny alalan'ny fanapariahana ny tenin'Andriamanitra. Isan'ny nanome voninahitra izao lanonam-pitokanana izao ny Solombavam-bahoakan'i Madagasikara Marohajaniaina, ny Talem-paritry ny vola sy ny fitantanambola aty Alaotra Mangoro, niaraka tamin'ny Talem-paritry ny fambolena sy fiompiana Rakotondrabe Samuel izay zaman-jaza rahateo noho ny maha tompontanàna azy ao Ambohimanjaka ary nisolotena ny Lehiben'ny prefekturan'Ambatondrazaka kosa ny Lefiny Randriambahoaka Erick. Nitohy ny sabotsy ny lanonana izay nanaovana antsam-panahy lehibe niarahana tamin'ny antoko mpihira avy aty Ambatondrazaka ary ny alahady kosa no nanatontosana ny fetin'ny taranaka tao an-toerana ihany.

***Raoul***

FLM Spam Vakinankaratra

# Nampiantrano lasy nasionaly ho an'ny pastora

I Antsirabe indray no nandray ny lasy Nasionaly ho an'ireo Pastora sy Teolojianina manerana ny sahan'ny FLM, hatramin'ny ahalady teo. Pastora sy vehivavy teolojianina manodidina ny 2000 no tonga teto Antsirabe nanatanteraka ny Lasy pastoraly Nasionaly nandritra ny enina andro. Ny andalan-tsoramasina tao amin'ny Asan'ny Apostoly toko faha-16:5 no lohahevitra voizina : "Ary nihanahery ny finoana ny fiangonana sady mihamaro isan' andro", no teny faneva nentina nandritra ity lasy Pastoraly Nasionaly andiany faharoa ity. Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy izany ny marainan'ny talata lasa teo, tao amin'ny fiangonana Loterana Malagasy Antampotanana ka nanokatra izany ny Filohan'ny fiangonana loterana eto Madagasikara ny Dr David Rakotonirina, ary tonga nanome voninahitra izao lanonam-panokafana izao ny solontenan'ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra miadidy ny lafitany. Nandritra ny toriteny no nanamafisiny fa maro ny andraikitra iandraiketan' ny Pastora satria izy ireo no iraka voalohany hitory ny filazantsara masina. Ny Pastora hoy hatrany izy dia tokony hanetry tena ary tokony hitandrina fatratra ny sakramenta ny fanasan'ny Tompo, izay mamelombelona ny fanahin'ny Pastora. Noraisina nandritra izao ihany koa ny andalan-tsoratramasina ao amin'ny Jaona: 21, 15-17b hoe : " andrasako ny ondriko, fahanako ny ondriko" teny nentina mamelombelona ny fanahin'ireto Pastora sy vehivavy teolojianina mandritra izao. Nandritra ny kabary nifandimbiasana no nanamafisandramatoa DAGT ny Faritra fa mandalo taon-tsarotra ny firenena sy Faritra ka angatahana ny hitondrana am-bavaka lalandava ny Firenena. Teto ihany koa no niarahabany ireo olona tonga manatrika izao lasy izao ary nirariany soa mba ho samy salama hahavita izany hatramin'ny farany.

***Lezama***

Mpanakanto malaza

# Naratra vokatry ny fanafihan-jiolahy

Mpanakanto fanta-daza aty Alaotra raha i Kotobe noho ny fahaizany nivoy ny gadonkiran'Antsihanaka . Fantatra fa naratra mafy noho ny tifitra nahazo azy izy amin'izao fotoana izao ary manaraka fitsaboana ao amin' ny tobim-pahasalamana ao Ambatondrazaka. Nisehoana fanafihan-jiolahy tao amin'ny tanànan' Ampatakana ao anatin'ny kaominina Anororo distrikan'Amparafaravola, ka lasibatra tamin' izany ny tranon'ity mpanakanto ity. Notifirin'ireo jiolahy avy aty ivelany ny varavarana ka ny takiban'ity mpanakanto ity no niantefan' izany tao an-trano. Hatreto, efa nahazo ny fitsaboana sahaza azy i Kotobe ary efa misy mangirana ny fahasalamany amin'izao fotoana izao. Mamay ny resaka tsy fandriampahalemana aty Alaotra ary mampitaintain-dava ny vahoaka indrindra fa ny eny ambanivohitra. Isan' ny hampiasain'ny mponina any Ampitandrefana indray hatreto ny fampanenoana anjombona rehefa misy ny mpanafika. Tsy mahavita na inona na inona anefa izany hoy izy ireo fa mba sitrany manaitra ireo mpanafika fotsiny ihany. Tsy mitovy ny hery hany ka mitsoaka miala tanàna ny mponina.

***Raoul***

Raim-pianakaviana nalemy

# Tratry ny mosavy kokolampy noho ny fialonana

Rehefa ratsy ny fisainana dia mandeha ny resaka famosaviana sy mitsapatsapa amin'ny asa ratsy. Famosaviana tamin'ny kokolampy no nahazo ity raim-piakaviana ity izay tsy lavitra ny renivohitra. Salama tsara ranamana, saingy tampoka teo dia nahagaga ny mpiara-monina. Ody ratsy tamin'ny alàlan'ny kokolampy izy io . Vokany, nalemy ny ilany havian'ilay rangahy tao anatin'ny indray mipi-maso monja. Nanomboka teo dia tsy nahatsangana intsony ilay rangahy ary nanomboka hafahafa hatramin'ny fiteniny ihany koa. Tsy fanina akory nefa izy, ary tsy nisy tosidrà ihany koa, nefa dia nalemy fotsiny izao. Gaga ny mpiara-monina satria olona salama be izao ve dia lasa malemy fotsiny izao. Nikoropaka ny fianakaviana ka nanatona dokotera, saingy tsy hita fototra ny aretina. Natao ihany koa ny "analyse" fa tsy fantatra ny fotot'aretina. Very hevitra ny fianakavian'ity rangahy ity, ka tsy maintsy nitady hevitra mba hikarakarana ity raim-pianakaviana ity sao hiafara amin'ny fahafatesany ity aretina ity. Ny **03313 090 13** sy ny **03461 328 62** no nahazoana an'i Madame Noelah mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo.

**Mosavy tamin'ny kokolampy no nahazo ilay rangahy**

Vao nihaona tamin'ity mpitsabo ity teny amin'ny 67 Ha atsimo ny fianakaviana dia tsotra ny valiny. Soa fa tsy malemy andro ianao hoy ity mpitsabo ity, fa raha tsy izany dia maty avy hatrany ianao. Ny hamono anao mihitsy mantsy no tanjon'io olon-dratsy io hoy ity mpitsabo ity. Vavaka aloha no nanombohana ny fitsaboana, avy eo dia rano manokana no nampisotroina ity raim-pianakaviana ity. Telo andro no ampiasao ity rano ity hoy ilay mpitsabo ary miverena avy eo. Tsy tapitra akory nefa ny telo andro dia niova ny fahasalaman'ilay rangahy satria nanomboka tsara ny fiteniny ary nanomboka nandeha ihany koa ilay rangahy. Afaka 11 andro dia sitrana soa amantsara ilay rangahy ary niverina tanteraka ny fahasalamany. Niha-tsara ny fiteniny, afaka nitsangana tsara izy ary niverina amin'ny laoniny ny tanjany sy ny heriny. Gaga sy talanjona izy mianakavy fa tsy nampoiziny ho salama sy ho sitrana toy izao intsony ilay rangahy, kanjo sitrana sy niverina tamin'ny laoniny ny fahasalamany rehefa nahazo fikarakarana manokana teny amin'i Madame Noelah teny amin'ny 67 Ha tsimo. Milamina tsara ny fiainany ankehitriny ary tsy misy ahiana intsony ny fahasalamany satria efa nahazo fikarakarana manokana.

***Ny Namana***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao, ny mpanao gazety ary izay rehetra mety hiantefany izao taratasy manaraka izao momba ny raharaha Polisy/Commissaire Farafangana. Re fa niantso mpanao gazety Atoa Commissaire Farafangana t@ izay nambaranay teto : SOS, mila vonjy maika Farafangana iny... Dia navoaka TVM sy RNM ny vaovao izay nampiarahiny t@ sary sy olona vavolombelona fa tratra ireo dahalo nampihorohoro sy nangalatra taolam-paty tany @ Faritra Manombo sns... Dia raha mihaino vaovao ny olon-tsotra dia hoe : kay kosa dahalo tena mampihorohoro ireo tratra sns... Izao anefa : tsy sehatra natao hifanalam-baraka amiko ny gazety sy ny facebook na hilazana zavatra tsy marina. Koa ny angatahinay dia ny hidinan'ny mpanao gazety any an-toerana mihitsy manao fanadihadiana marina hoe inona marina no nitranga? Dahalo marina ve ireo olona nosamboriny izay marihiko f'efa navoakany ankehitriny ho an'izay nahaloa ny vola nilainy. Ao ireo olona ireo ary afaka anontaniana Atoa kaomisera hoe: fa nahoana no navotsotrao izany ireo dahalo nampihorohoro. Ray amandreny mpiara-mpiasa aminay mantsy ireo ka rehefa notazonina ny zokiny ka nankany Farafangana ilay zandriny sy ny vady amanjanak'ilay notazonina mba saika hanontany ny antony nisamborana ny rahalahiny dia izao no nolazain-dry Kaomisera: ialahy koa mijanona...." Dia nandry tao @ violon sy nampijaliana.... Sy nasaina mandoa 1 million ariary isan'olona raha te-hivoaka, na 800.000 ariary. Ka ireo fokonolona natahotra ny ain'ny havany dia nitady izany vola izany ka efa ao an-tanàna ry zareo zao. Izany hoe: Efa navoakan'ny Kaomisera izany ireo lazainy t@ TVM sy RNM fa dahalo mpampihorohoro any Farafangana. Efa fantatry ny fikambanana mpiaro ny zon'olombelona moa ity raharaha ity ka inoana fa tsy ho toa ny resaka Antsakabary sanatria... Eto aho dia mitodika aminareo Atoa Talen'ny Securité Publique sy Tale Jeneralin'ny Polisy Nasionaly izay nandray ahy am-pitiavana sy nisaotra ahy sy nampanantena fa hijery izao raharaha izao akaiky. Taorian'ny fihaonantsika ilay fitifirana ny ex-Lehiben'ny Fokontany raha nivory ny Fokonolona. Efa fantatry ny iraisam-pirenena tompoko ny zavatra niseho tany Farafangana. Afaka manamarina any antoerana ny tena zavatra nisy ianareo ka hanontany eny ifotony sy hanamarina fa Ilay voalazan'i kaomisera mpiasa ao aminay ho dahalo gaigilahy anie efa navoakany fa saika maty tao @ violon izay indroa safotra rehefa nandoa ilay vola e? Tokony handeha fitsarana ilay izy ka corruption izany. Koa inoako fa tsy ho lasa lavitra ity resaka ity fa ho voalamintsika eto ihany.

***Pr Jonah Ratsimbazafy, FAAS***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**18/08/18 hatramin'ny 25/08/18**

- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 020 22 224 70
- **METROPOLE** (Antanimarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **ANTANIMENA** (Imm Santa Antanimena, près Chocolaterie Robert) 020 22 200 00/032 56 914 77
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 803-08-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FIKAMBANANA FIMAMI

## Ezahana hitarina ivelan'i Toamasina hoy ny filohany

Dingana manaraka ataon'ny fikambanam-pampandrosoana FIMAMI na Fikambanana Malagasy Mijoro amin'ny Fampandrosoana any Toamasina, ny fanitarana ny fikambanana ivelan'ny Faritanin'i Toamasina teo aloha. Fantatra izany tany Toamasina nandritra ny tafa tamin'ny mpanao gazety nataon'ny filohan'ity Fikambanana ity Docteur Mananjara Auguste. Filoham-boninahitr'ity fikambanana ity ny senateran'i Madagasikara Docteur Benessy Harisson Sébastien. Ny fikambanana FIMAMI dia miasa amin'ny fanaovan-dalana, mitsabo maimaimpoana ny mponina, manomana hetsika ara-panatanjahantena ary manatanteraka asa sosialy samy hafa... Noho ny fangatahan'ny maro hoy ny filohany dia hiitatra amin'ny Faritra hafa ivelan'i Toamasina ny fikambanana. Ny 25 aogositra ho avy izao, hanatanteraka didimpoitra maimaimpoana faobe any Brickaville ny FIMAMI. Ankoatra izany, asa sosialy sy fampandrosoana maro samihafa no mbola vinavinain'ny fikambanana hatao amin'ny efabolana farany amin'ity taona 2018 ity izao. Anisan'izany koa ny fanomanana hetsika ara-panatanjahantena marathon ho an'ny tanora lahy sy vavy.



*Ny filoha sy ny filohamboninahitry ny fikambanana FIMAMI.*

**Aly**

Zoma Center Analakely

## Ahitana karazana entana maro

Amin'izao fotoana izao dia maro ny trano fivarotana manavao ny tolotra omeny ny daholobe. isan'izany ny « Zoma Center », izay misy fidirina roa miainga avy eo ampitan'ny Epp Analakely ary mipoitra etsy amin'ny « Avenue de l'Indépendance ». Malalaka sady mihaja ity toerana ity, ahitana karazana entana maro. Singanina manokana ny resaka fanaka. « Maro be ny fanaka loha-laharana amin'ny kalitao hita ato aminay mety amin'ny filana sy fahefa-mividin'ny tsirairay. Misy vita amin'ny hazo, vy na plastika, toy ny latabatra isan karazany, canapé d'angle, fanaka ho an'ny efitranon'ny ankizy, armoires, seza maro, table télé, canapés lits, etc... » hoy ny tompon'andraikitra. Ankoatr'izay, ho an'ireo liana amin'ny « stand » mbola azo hofaina dia afaka manatona etsy amin'ny Baolai Soarano. Maro tokoa ny safidy hita ao amin'ny « Zoma Center», etsy ampitan'ny Epp Analakely, na ho an'ireo izay te-hanavao ny fanaka ao an-tokantrano na ho an'ireo izay te hanome fanomezana tsara ho an'ny olona tena mamin'ny fony indrindra.

**Aly**



*Ny toeram-pivarotana Zoma Center etsy Analakely.*

Ambatondrazaka

## Foara kaominaly, hiavaka noho ny nisy hatramin'izay


Hiavaka tanteraka ny foara kaominaly ho an'ny renivohitra Alaotra Mangoro amin'ity indray mitoraka ity hoy ny Ben'ny tanànan'Ambatondrazaka, Rafidimanana Louis Felicité. Nambarany fa efa no mena mpandraharaha izy io ary mpandraharaha isan'ny matihanina no nandray ny fikarakarana izany. Ny faha-23 sy ny faha-24 ary ny faha-25 aogositra 2018 ho avy izao no hanatanterahana izany, izay efa nanomanana hetsika marobe tokoa ho entina mandravaka azy. Raha ny daty aloha dia nambarany fa ao anatin'ny tena ilan'ny vahoaka azy indrindra fa ny tantsaha. Efa voaomana tanteraka ny fitandroana ny filaminana mandritra io foara io, izay nampisalorana ny anarana « Fivoarana ». Hisy ny hetsika ara-panatanjahantena sy ny ara-koltoraly ary ny hetsika ara-javakanto ankoatra ny tranoeva izay hampirantiana ny maha- Ambatondrazaka an'Ambatondrazaka.

**Raoul**

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 248**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0247)

***Mitsivalana***
- Mandresy
- Ia – Vin
- Tsodrano
- Ravao
- Fataka (Miv)
- Ka – Toy (Miv)
- Faladia (Miv)

***Mitsangana***
- Mitraka
- Sakay
- Niova
- Dadatoa
- Roa
- Eva – Fia
- Siny – Fo (Miv)
- Ony (Miv) – ST Rano

### TENY MIFANARAKA N° 248




**Mitsivalana**

**1.** Mpanjaka vavy **2.** Iray – Mpanondro toerana **3.** Vazivazy **4.** Fiandohan'ny aizina – Roa Romana – Mikoriana ao anaty **5.** Asa amam-panao **6.** Tovana – Raisiny **7.** Foto-tenin'ny mandray – Litera mifanaraka **8.** Manontany fotoana **9.** Ao amin'ny vatana **10.** Alatsaka aina – Karazan-tsakafo

**Mitsangana**

**A.** Kolikoly **B.** Tao – Anaty rano – Vaovao **D.** Mpanakanto fahiny **E.** Fia – Ajanona **F.** Fery – Dadanay **G.** Zava-maniry (Miv) – Ao amin'ny Baiboly (Miv) **H.** Kely vatana (Miv) – Naoty **I.** Tampisaka (Miv) – Sondrotra **J.** Mari-danja – Kianteny – Lalam-pirenena (Miv) **K.** Aorian'ny amontana – Tofoka

### Valiny Teny mifanaraka 0247

***Mitsivalana***

1. Arivo – Vary **2.** Ry – Lio (Miv) – Nan(o) **3.** Tary – Tiana (Miv) **4.** Anany (Miv) – Sy **5.** Dadanareo **6.** Vala (Miv) **7.** Famokarana **8.** Ora – Ana – (F)ak(o) **9.** Ri – Akoho **10.** Aoriana – Ao (Miv)

***Mitsangana***

**A.** Ditra (Miv) – Fara **B.** Riana – Ario **D.** Radama **E.** Vaina – Mi **F.** O.I – Anaka **G.** La – Nanala (Miv) **H.** Nararaka **I.** Ana – Eva **J.** Raiso – Noho **K.** Inty – Sakoa

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny ivon'ny fankalazana ny faha 50 taonan'ny FJKM sy faha 200 taona nidiran'ny Filazantsara teto Madagasikara tao Toamasina.**















